



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**EPISTILY HO AN'NY KOLOSIANA SY I FILEMONA**  
– *EPITRES AUX COLOSSIENS ET PHILEMON*

Talata 24 nôvambra 2020  
*Mardi 24 novembre 2020*

**NY FAHAFENOAN'I JESOSY KRISTY (Kolosiana 2)**  
– *LA PLENITUDE DE JESUS-CHRIST (Colossiens 2)*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :**

« Koa tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy ho Tompo, dia mandehana ao Aminy araka izany koa, ka mamaka tsara sy miorina mafy ao Aminy ary tafatoetra amin'ny Finoana, toy ny efa nampianarana anareo, ka mazoto [mitombo amin'izany] amin'ny fisaorana » (Kol. 2, 6-7) – *Ainsi donc, tout comme vous avez accueilli le Seigneur Jésus-Christ, marchez en Lui. Soyez enracinés et fondés en Lui, affermis dans la Foi telle qu'elle vous a été enseignée, et soyez-en riches en exprimant votre reconnaissance à Dieu » (Col. 2, 6-7).*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Cantique) 426, 1 : Nanatona Anao, Mpanavotra ô :**

1. Nanatona Anao, Mpanavotra ô, ny olo-mahantra fahiny.  
Ny rofiny be, ny senton'ny fo, naneho fa soa no niriany.  
Tsy nety ho sasatra lanao, tsy nisy nolavina akory,  
Fa samy nandray ny indrafonao ka ravo ny olona ory.

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

**Teksta 1 – Texte 1 : Kolosiana (Colossiens) 2, 1-10 :**

1 Fa tiako ho fantatrareo ny hamafin'ny fiezahako ho anareo sy izay any Laodikia mbamin'izay rehetra tsy mbola nahita ny tavako amin'ny nofo, 2 mba hampifaliana ny fony amin'ny ampiraisana azy amin'ny fitiavana sy ho amin'ny haren'ny fahatokiana be avy amin'ny fahazavan-tsaina, ho amin'ny fahalalana tsara ny zava-miafina izay an'Andriamanitra, dia i Kristy, 3 izay iafenan'ny rakitry ny fahendrena sy ny fahalalana rehetra.

*1 Je veux, en effet, que vous sachiez à quel point il est grand, le combat que je soutiens pour vous, pour ceux qui sont à Laodicée et pour tous ceux qui n'ont jamais vu mon visage. 2 Je combats ainsi afin que, unis dans l'amour, ils soient encouragés dans leur cœur et qu'ils soient enrichis d'une pleine intelligence pour connaître le mystère de Dieu, aussi bien du Père que de Christ. 3 C'est en Lui que sont cachés tous les trésors de la sagesse et de la connaissance.*

4 Ary izany no lazaiko, fandrao hisy hampahadiso hevitra anareo amin'ny teny toa marina. 5 Fa na dia tsy manatrika anareo amin'ny nofo aza aho, dia manatrika anareo ihany amin'ny fanahy ka mifaly sy mijery ny filaminanareo sy ny tsi-fiovan'ny finoanareo an'i Kristy.

*4 Je dis cela afin que personne ne vous trompe par des discours séduisants. 5 En effet, même si je suis absent de corps, je suis avec vous en esprit, et je vois avec joie le bon ordre qui règne parmi vous et la fermeté de votre foi en Christ.*

6 Koa tahaka ny nandraisanareo an'i Kristy Jesosy ho Tompo, dia mandehana ao Aminy araka izany koa, 7 ka mamaka tsara sy miorina mafy ao Aminy ary tafatoetra amin'ny Finoana, toy ny efa nampianarana anareo, ka mazoto [mitombo amin'izany] amin'ny fisaorana.

*6 Ainsi donc, tout comme vous avez accueilli le Seigneur Jésus-Christ, marchez en Lui. 7 Soyez enracinés et fondés en Lui, affermis dans la Foi telle qu'elle vous a été enseignée, et soyez-en riches en exprimant votre reconnaissance à Dieu.*

8 Tandremo fandrao misy mahalasa anareo ho babony amin'ny filôzôfia sy ny famitahana foana, araka ny fampianarana voatolotry ny razana, araka ny abidim-pianaran'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i Kristy. 9 Fa ao amin'ny Tenany no itoeran'ny fahafenoan'ny fomban'Andriamanitra rehetra. 10 Ary ianareo dia tanteraka ao aminy, sady Izy no Lohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra.

*8 Faites attention : que personne ne vous prenne au piège par la philosophie, par des tromperies sans fondement qui s'appuient sur la tradition des hommes, sur les principes élémentaires qui régissent le monde, et non sur Christ. 9 En effet, c'est en Lui qu'habite corporellement toute la plénitude de la divinité. 10 Vous avez tout pleinement en Lui, qui est le chef de toute domination et de toute autorité.*

### **Fanamarihana 1 – Commentaires 1**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mana-manjo - pour les endeuillés

- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

Mba hiorina tsara ao amin'i Kristy izy ireo, indrindra ao anatin'izao fotoan-tsarotra iainany izao ka tsy ho azon'ny mpisandoka ho araraotina fa hahita sy handray ny fampaherezana azy ao amin'i Jesosy Kristy Tompo irery ihany – *Pour qu'ils soient bien ancrés en Christ, surtout en ces temps délicats pour eux, afin que personne ne les induisent en erreur mais puissent leur réconfort uniquement dans le Seigneur Jésus-Christ.*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 498, 3-4 : Ahy va i Jesosy Tompon'aina :

3. Toa mila hampisalasala  
Io tena fahagagana io  
Ary lavin'ny tsy mahalala  
Nefa azon'ny finoako.
4. O, mba mifalia, ry fanahy,  
Fa anao ilay Mpanavotra !  
Ka misaora, aza mba manahy,  
Fa ho azonao, ny lanitra.

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Kolosiana (Colossiens) 2, 11-15 :

11 Ary tao Aminy koa no namorana anareo tamin'ny famorana tsy nataon-tànana tamin'ny fanesorana ny tenan'ny nofo, dia tamin'ny famoran'i Kristy. 12 Fa niara-nilevina Taminy ianareo tamin'ny batista, izay niarahanareo natsangana Taminy koa noho ny Finoana ny Asan'Andriamanitra, izay nanangana Azy tamin'ny maty.

*11 C'est en Lui aussi que vous avez été circoncis d'une circoncision qui n'est pas faite par la main de l'homme, mais de la circoncision de Christ, qui consiste à vous dépouiller du corps de votre nature pécheresse. 12 Vous avez en effet été ensevelis avec Lui par le baptême et vous êtes aussi ressuscités en Lui et avec Lui, par la Foi en la Puissance du Dieu qui L'a ressuscité.*

13 Ary ianareo, izay efa matin'ny fahadisoana sy ny tsi-fiforan'ny nofonareo, dia novelominy niaraka tamin'i Kristy, rehefa navelany ny fahadisoantsika rehetra. 14 Ary novonoiny ny sora-tanan'ny didy izay niampanga antsika, dia nesoriny tsy ho eo mihitsy izany ka nohomboany tamin'ny Hazo-Fijaliana. 15 Ary nesoriny tsy ho eo amin'ny Tenany [noreseny ka nobaboiny] ny fanapahana sy ny fahefana, ary noho ny Hazo-Fijaliana dia nasehony miharihary ny fitondrany ireo toy ny fanaon'izay avy nandresy.

*13 Vous qui étiez morts en raison de vos fautes et de l'incirconcision de votre corps, Il vous a rendus à la vie avec Lui. Il nous a pardonné toutes nos fautes, 14 Il a effacé l'acte rédigé contre nous qui nous condamnait par ses Prescriptions, et Il l'a annulé en le clouant à la Croix. 15 Il a ainsi dépouillé les dominations et les autorités et les a données publiquement en spectacle en triomphant d'elles par la Croix.*

## **Fanamarihana 2 : – Commentaires 2**

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

Mba hiainan'izy ireo amin'ny batisa izay nandraisan'ny Ray azy ireo ho zanany ao amin'i Jesosy Kristy Tompo ary mba hanaikeny fa efa nandresy ny fahafatesana izy amin'izany satria efa miara-belona amin'i Jesosy Kristy – *Pour qu'ils vivent le baptême dans lequel le Père les a adopté dans le Seigneur Jésus-Christ et pour qu'ils prennent conscience qu'ainsi, ils ont déjà vaincu la mort car ils sont désormais co-vivifiés avec Jésus-Christ.*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 291, 1 sy (et) 3 : Efa tonga zana-dRay Tsitoha ianao :**

1. Efa tonga zana-dRay Tsitoha ianao,  
Ry tanora, tamin'ny batisa masina  
Izany no tenin'ny Tompo
3. Famelana heloka sy Fahasoavana  
Fanavaozana ny fo sy Fiadanana  
Samy nomen'ny Mpamonjy.

## **FIZARANA 3 – PARTIE 3**

### **Teksta 3 – Texte 3 : Kolosiana (Colossiens) 2, 16-23 :**

16 Koa aza avela hisy hitsara anareo ny amin'ny fihinana, na ny fisotro, na ny andro firavoravoana, na ny voaloham-bolana, na ny Sabata : 17 aloky ny zavatra ho avy ireny, fa ny tenany dia an'i Kristy. 18 Aza mety hofitahina tsy hahazoanareo ny loka noho ny fanetren-tena haitraitra sy ny fivavahana amin'ny anjely ka mitompo amin'ny zavatra efa [tsy] hitany sady feno fiavonavonana noho ny fisainan'ny nofony 19 ka tsy mihazona ny Loha. Izy no itomboan'ny tena rehetra, izay velomina sy ampiraisina tsara amin'ny famavany sy ny ozatra, araka ny fampitomboan'Andriamanitra.

*16 Que personne donc ne vous juge au sujet du manger ou du boire, ou à propos d'une fête, d'un nouveau mois ou du sabbat : 17 tout cela n'était que l'ombre des choses à venir, mais la réalité est en Christ. 18 Que personne, par son goût d'une fausse humilité et du culte des anges, ne vous prive de la victoire. Plongé dans ses visions, un tel homme est sans raison, enflé d'orgueil sous l'effet de ses pensées toutes humaines, 19 et il ne s'attache pas à Celui qui est la tête. C'est pourtant d'elle que tout le corps, bien nourri et solidement assemblé par ses articulations et ses liens, tire la croissance que Dieu donne.*

20 Ary raha niara-maty tamin'i Kristy ianareo ka efa afaka tamin'ny abidim-pianaran'izao tontolo izao. Nahoana no toa mbola velona amin'izao tontolo izao ihany ianareo ka mety hodidiana hoe : 21 « aza mandray, aza manandrana, aza manendry » ?

22 Levona amin'ny fanaovana ihany izany rehetra izany - araka ny didy sy ny fampianaran'olona ! 23 Izany rehetra izany dia ankalazaina ho fahendrena amin'ny fivavahana haitraitra sy ny fanetren-tena ary ny fampahoriana ny tena, nefa tsy manankery akory hahasakana ny fampianaranana ny nofo.

*20 Si vous êtes morts avec Christ aux principes élémentaires qui régissent le monde. Pourquoi, comme si vous viviez dans le monde, vous soumettez-vous à toutes ces règles : 21 « Ne prends pas, ne goûte pas, ne touche pas » ? 22 Elles ne concernent que des choses destinées à disparaître dès qu'on en fait usage. Il s'agit bien là de commandements et d'enseignements humains ! 23 Ils ont, en vérité, une apparence de sagesse, car ils indiquent un culte volontaire, de l'humilité et le mépris du corps, mais ils sont sans aucune valeur et ne servent qu'à la satisfaction personnelle.*

### **Fanamarihana 3 – Commentaires 3**

#### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

Mba hijoroany amin'ny maha-ambasadaoron'i Kristy azy ety an-tany ka tsy hiavonavona izy fa haniry firaisana amin'i Kristy sy ny fiangonana, ary koa mba hametrahany ho lohalaharana ny fankatoavana ny Sitrapon'Andriamanitra – *Pour qu'ils assument leur rôle d'ambassadeurs du Christ sur terre, qu'ils ne s'enorgueillissent pas mais qu'ils cherchent la communion au Christ et à l'église, mais également afin qu'ils accordent la priorité en la mise en pratique de la Volonté de Dieu.*

#### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 164, 2 : I Jesosy irery ihany :**

2. I Jesosy irery ihany no ivavahana  
Ny Anarany irery no Fanavotana.  
Ny olona rehetra no handohalika  
Ety an-tany ka hatrany an-danitra.

### **FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

#### **Teksta – Texte : Efesiana (Ephésiens) 1, 17-23 :**

17 [Mivavaka aho] mba homen'Andriamanitr'i Jesosy Kristy Tompontosika, Rain'ny voninahitra, ho anareo ny fanahin'ny fahendrena sy ny fanambarana amin'ny fahalalana Azy tsara, 18 ary mba hampahiratina ny mason'ny sainareo, mba ho fantatrareo izay fanantenana avy amin'ny fiantsoany sy izay haren'ny voninahitry ny lovany eo amin'ny olona masina, 19 ary ny fihoaran'ny halehiben'ny heriny ho antsika izay mino, araka ny fiàsan'ny herin'ny faherezany, 20 izay nataony tao amin'i Kristy tamin'ny nananganany Azy tamin'ny maty sy ny nampitoerany Azy eo amin'ny tàmàna ankavanana any an-danitra, 21 ambony lavitra noho ny fanapahana rehetra sy ny fahefana sy ny hery sy ny fanjakana ary ny anarana rehetra izay tononina, tsy amin'izao fiainana izao ihany, fa amin'ny ho avy koa, 22 dia nampanaiky ny

zavatra rehetra ho eo ambanin'ny tongony Izy ka nanao Azy ho Lohany manapaka ny zavatra rehetra ho an'ny fiangonana, 23 izay tenany, dia ny fahafenoan'Izay mameno izao zavatra rehetra izao amin'ny rehetra.

*17 Je prie que le Dieu de notre Seigneur Jésus-Christ, le Père de gloire, vous donne un esprit de sagesse et de révélation qui vous le fasse connaître. 18 Je prie qu'il illumine les yeux de votre coeur pour que vous sachiez quelle est l'espérance qui s'attache à son appel, quelle est la richesse de son glorieux héritage au milieu des saints 19 et quelle est l'infinie grandeur de sa puissance, qui se manifeste avec efficacité par le pouvoir de sa force envers nous qui croyons. 20 Cette puissance, il l'a déployée en Christ quand il l'a ressuscité et l'a fait asseoir à sa droite dans les lieux célestes, 21 au-dessus de toute domination, de toute autorité, de toute puissance, de toute souveraineté et de tout nom qui peut être nommé, non seulement dans le monde présent, mais encore dans le monde à venir. 22 Il a tout mis sous ses pieds et il l'a donné pour chef suprême à l'Eglise 23 qui est son corps, la plénitude de celui qui remplit tout en tous.*

### **Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,  
Que ton Nom soit sanctifié,  
Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.  
Et ne nous soumets pas à la tentation mais délivre-nous de mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### **Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !  
*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*  
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !  
*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*  
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !  
*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

### **Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.

*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**